# FANDRAISANA NAOTY

# AMIN'NY FIHAONAMBEN'NY

# FIANGONANA MANERAN-TANY

**MIVONÒNA!**

Mialoha ny hanombohan'ny fihaonambe dia afaka miomana ny hihaino ny feon'ny Tompo ianao amin'ny alalan'ny fikatsahana fanambarana ho an'ny tenanao manokana.

- Moa ve aho naka fotoana hanaovana vavaka manokana?
- Moa ve aho efa namaky ny soratra masinako?

"Manasa anareo aho mba hihaino zavatra anankitelo mandritra ity fihaonambe ity: fahamarinana madio, ny fotopampianarana madion'i Kristy, ary fanambarana madio. . . . Manome toky anareo aho fa ny zavatra ho henonareo androany sy rahampitso dia maneho fahamarinana madio."

*Filoha Russell M. Nelson*[1]

# MANONTANIA,

“Saika tonga foana ho valin’ny fanontaniana iray ny fanambarana.”

*Loholona Jeffrey R. Holland*[2]

## ary avy eo dia mihainoa


“Ny fanambarana madio ho an’ireo fanontaniana ao am-ponao dia hahatonga ity fihaonambe ity hitondra fahafaham-po sy ho tsy hay hadinoina. Raha toa ianao ka mbola tsy nikatsaka ny fanompoan’ny anjely mba hanampy anao haheno ny zavatra tian’ny Tompo ho henonao mandritra ireo roa andro ireo, dia manasa anao aho mba hanao izany amin’izao fotoana izao.”

*Filoha Russell M. Nelson*[3]

**Inona no ao an-tsainao?**

Eritrereto ireo fanontaniana na olana mety hananaonao. Azonao soratana eto izany ary ataovy ao an-tsaina rehefa mihaino ny fihaonambe. Na dia tsy manana zavatra manokana aza ianao ao an-tsainao, ny Tompo dia hanampy anao hahita fomba hianarana sy hitomboana rehefa miezaka mihaino Azy ianao.

Ireto misy ohatra vitsivitsy sy toerana azonao hanoratana ny anao:



# MANDRAISA AN-TSORATRA!

Asehoy ny Tompo fa vonona handray sy hanao zavatra araka ny fanambarana ianao amin'ny fifantohana amin'ny fihainoana ny Fanahy sy amin'ny fanoratana ny zavatra eritreretinao sy tsapanao. Aza manahy ny amin'ny fanoratana izay zavatra kely voalaza. Azonao hiverenana foana ireo lahateny ireo any aoriana ary hovakina na jerena.

"Misy fanoharana lehibe [momba ny fandraisana naoty] ao amin'ny Bokin' i Môrmôna. Ao ireo takelaka lehibe izay mirakitra ny tantaran'ny vahoaka, ary ny takelaka kely izay mirakitra ireo fanambarana sy asa soratra masina. Raha toa ka soratan'ny olona iray izay mihaino lahateny iray izay voalazan'ilay olona, dia mampiditra izany eo amin'ny takelaka lehibe ianao izay, ny momba ny tantaran'ilay fivoriana. Raha toa ka ny zavatra tsapan'ny olona manokana izay tonga aminao amin'ny alalan'ny Fanahy Masina no raketinao, dia mamorona ny takelaka kelinao manokana ianao izay."

*Loholona David A. Bednar*[4]

Ny zavatra ampianarin'izy ireo:

Ny zavatra tsapako:

**HENOYNY FANAHY. INONA NO TSAPANAO?**

"Raha toa ka izay asehon'ny mpampianatra ihany no azontsika, dia tsy azontsika izany izay tena manan-danja."

*Loholona David A. Bednar*[5]


Ny zavatra ampianarin'izy ireo:



**TSY MISY FOMBA TSY METY HANDRAISANA NAOTY**

Sahirana amin'ny fifantohana ve ianao? Andramo atao mifanaraka aminao manokana ny naotinao. Asio kisarisary, na litera mamoron-javatra, na sary mba hanampiana anao hitadidy ireo tantara, na teny nambara, na bitsika izay misy dikany aminao.

*Aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa.*



Ny zavatra tsapako:

**MIATOA!**

Efa naharay valiny tamin'ireo fanontanianao ve ianao hatreto? Raha toa ka nahazo ianao dia makà fotoana hanoratana ny fitarihana sy ny tari-dalana voarainao.

"Mampanantena aho fa rehefa mahare ny feon'ny Tompo ianareo miresaka aminareo ao anatin'ireo fampianarana mandritra ity fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ity, ary manao asa araka ireo bitsika ireo avy eo, dia ho tsapanareo eo aminareo ny tanan'ny lanitra, ary ho voatahy ny fiainanareo sy ny fiainan'ireo izay manodidina anareo."

*Loholona Neil L. Andersen*[6]

"Ao amin'ireo teny roa ireo hoe: –Henoy Izy,– dia manome antsika lamina ny Tompo hahazoana fahombiazana sy fahasambarana, ary fifaliana eto amin'ity fiainana ity. Tokony *hihaino* ny tenin'ny Tompo isika, *hitandrina* azy ireny, ary *hanaraka* izay nolazainy antsika!"

*Filoha Russell M. Nelson*[7]

Ny zavatra ampianarin'izy ireo:

Ny zavatra tsapako:

# AHOANA AMIN'IZAY ARY IZAO?

Raha vantany vao vita ny fihaonambe dia tonga ny fotoana hanaovana zavatra araka ireo zavatra renao sy tsapanao. Ireto misy fanontaniana vitsivitsy azonao hanombohana:

- Inona no zavatra iray azoko hifantohana rehefa mandroso aho?
- Misy ve zavatra momba ny fiainako izay tsapako fa tokony hovaiko?
- Inona ireo bitsika voaraiko ka tokony hanaovako zavatra mifanaraka aminy?
- Tamin'ny fomba ahoana no nihainoako Azy nandritra ny fihaonambe?
- Ahoana no ahafahako maheno Azy kokoa eo amin'ny fiainako andavanandro?

Faly ve ianao tamin'ny fomba fizotry ny fandraisanao naoty ny fihaonambe? Manana kisarisary na fanehoana an-tsary mendrika alefa amin'ny Instagram ve ianao? Zarao aminay izany! Alefaso amin'ny alalan'ny email ny sarin'ny fandraisanao naoty any amin'ny ftsoy@ChurchofJesusChrist.org na apetaho ao amin'ny Instagram izany dia asio tag ny pejy @strivetobe!

> “Ny valin’ireo vavakao manokana sy mazava tsara dia mety ho tonga mivantana avy amin’ny alalan’ny lahateny na fehezan-teny iray manokana. . . . Hanomana ny fomba handraisana ny fanambarana ho an’ny tena manokana ny faniriana mafy handre sy hanaraka ny teny feno torohevitra.”
>
> *Loholona Dieter F. Uchtdorf*[8]

**MBOLA MILA BOKY FANDRAISANA NAOTY AMIN’NY FIHAONAMBE FANAMPINY VE IANAO?**

Sintony sy ataovy printy ity boky fandraisana naoty ity ao amin’ny **conference.ChurchofJesusChrist.org**.


**Fanamarihana**

1. Russell M. Nelson, “Fahamarinana madio, fotopampianarana madio, ary fanambarana madio,” Fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany Ôkt. 2021 (*Liahona*, nôv. 2021, 6).
2. Jeffrey R. Holland, “Cast Not Away Therefore Your Confidence,” *Ensign*-Mar. 2000, 9.
3. Russell M. Nelson, “Fahamarinana madio, fotopampianarana madio, ary fanambarana madio” (6–7).
4. David A. Bednar, “Create Your Own Small Plates” (video), ChurchofJesusChrist.org.
5. David A. Bednar, “Create Your Own Small Plates.”
6. Neil L. Andersen, fihaonamben’ny Fiangonana ôkt. 2017 (*Liahona*, nôv. 2017, 126).
7. Russell M. Nelson, “Henoy Izy,” Fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany, apr. 2020 (*Liahona*, mey 2020, 89.
8. Dieter F. Uchtdorf, “Fihaonamben’ny Fiangonana—Tsy toy ny fitahiana mahazatra,” *Liahona*, sept. 2011, 4.



© 2022 an’ny Intellectual Reserve, Inc.
All rights reserved.

NY FAHAZOANA LALANA HAMERINA HANONTA PRINTY ITY BOKY ITY DIA OMENA RAHA HO AMPIASAIN’NY TENA MANOKANA FA TSY ATAO HITADIAVAM-BOLA. TAFIDITRA AO ANATIN’IZANY NY FANOMEZAN-DALANA IREO MPITARIKA AO AMIN’NY PAROASY MBA HANONTA PRINTY BOKY VITSIVITSY HO AN’IREO IZAY TOMPOIN’IZY IREO AO ANATIN’NY ANTSONY. TSY MAINTSY ATAO PRINTY MANONTOLO IREO KIBOKY. TSY TAFIDITRA AO ANATIN’IZANY NY FANOMEZAN-DALANA HAMOAHANA IZANY EN LIGNE, NA HAMPIASANA IZANY AMIN’NY ZAVATRA HAFA, NA MIZARA ITY BOKY ITY AMIN’NY HAFA. MITAKY FAHAZOAN-DALANA IZAY METY HO FOMBA FANAMPINY TIANA HAMPIASANA ITY BOKY ITY.

**permissions.ChurchofJesusChrist.org**



NY FIANGONAN’ I JESOA KRISTY HO AN’ NY OLOMASIN’ NY ANDRO FARANY